**Sabata, 16 Novambra 2019**

## Toriteny fanentanana ho amin'ny andro maneran-tany ho an'ny zaza kamboty sy ny ankizy marefo

**TOMPON'ANDRAIKITRA MIADIDY: Ministera miahy ireo niangaran'ny vintana (Ministères des besoins spéciaux), Asa Fitoriana isam-batan'olona ( Ministères Personnels), Asa Fanasoavana ny Fiaraha-monina (Services Communautaires), Ministera miadidy nyAnkizy (Minenf).**

Salamo 146 : 5-10 : "Sambatra izay manana an'Andriamanitr'i Jakoba ho Mpanampy azy sady manantena an'i Jehovah Andriamaniny, Izay nanao ny lanitra sy ny tany, ny ranomasina sy izay rehetra ao anatiny, Izay mitandrina fahamarinana mandrakizay, Izay manome rariny ho an'ny ampahoriana, Izay manome hanina ho an'ny noana. Jehovah mamaha ny mpifatotra;

Jehovah mampahiratra ny jamba ; Jehovah mampitraka ny mitanondrika; Jehovah tia ny marina; Jehovah miaro ny vahiny ary manandratra ny kamboty sy ny mpitondratena, fa mamadika ny lalan'ny ratsy fanahy kosa. Manjaka mandrakizay Jehovah, hatramin'ny taranaka fara mandimby Andriamanitrao, ry Ziona. Haleloia.

Vakio Isaia 1 : 15-23 ; Isaia 3 : 13-15 ; ary Isaia 5 : 7, 8. Ahoana no hamaritanao ny valin-tenin'ny mpaminany ny amin'ny zavatra hitany teo amin'ny fiaraha-monina nanodidina azy ?

Ny toriteny fanokafana nataon'i Isaia – ny toko 5 voalohany – dia fifangaroan'ny tsikera mahamenatra ny amin'ny karazana fiaraha-monina nisy ny vahoakan'Andriamanitra, ny fampitandremana ny amin'ny fitsarana vokatry ny fandavany an'Andriamanitra sy fanohizany ny asa ratsiny ary manome fanantenana raha toa ka miverina amin'Andriamanitra ny olona ka manavao ny fiainany sy ny fiaraha-monina misy azy.

Fa ny fihetseham-po mahery vaika izay hita taratra amin'ny teniny dia ny alahelo. Noho ny fahatakarany hoe iza Andriamanitra sy izay tadiaviny ho an'ny olony, dia mitomany ireo izay very ny mpaminany, ireo olona tsy tambo isaina izay naratra ary ny fitsarana tsy maintsy atao eo amin'ny firenena.

Nanohy io lamina io tamin'ny alalan'ny asa fanompoany ara-paminaniana i Isaia. Ampirisihiny ny olona hahatsiaro ny zavatra nataon'Andriamanitra ho azy. Atolony ho an'ireo olona ireo ihany koa ny fanantenana ny amin'izay tian'Andriamanitra hataony ho azy ireo amin'ny hoavy. Noho izany dia tokony hitady ny Tompo izy ireo ankehitriny satria io fifandraisana vaovao Aminy io no hahatonga azy ireo hibebaka ny amin'ny asa ratsiny sy hanova ny fomba fitondrany ny hafa.

Ao amin'ny toko faha-58 sy 59 i Isaia dia miverina indray amin'ny resaka fahamarinana. Nolazainy indray ny amin'ny fiaraha-monina iray izay «nahemotra ny rariny, ary mijanon-davitra ny hitsiny ; fa tafintohina eny an-kalalahana ny fahamarinana ary ny hitsim-po tsy mahazo miditra » (*Isaia 59 : 14*). Saingy manamafy koa izy fa

mahalala  izany Andriamanitra ary hamonjy ny olony Izy – « Ho tonga ny Mpanavotra » (*Isaia 59 : 20*).

Ny ampahany betsaka amin'ny bokin'i Isaia dia natokany amin'ny fanambarana ny Mesia ho avy, izay hanorina indray ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany ary hitondra fahamarinana, famindrampo, fanasitranana ary famerenana amin'ny laoniny.

Vakio ny Isaia 9 : 6, 7 ; Isaia 11 : 1-5 ; Isaia 42 : 1-7 ; ary ny Isaia 53 : 4-6. Inona no ifandraisan'ireto faminaniana ireto amin'ny fahazoanao ny fiainana, ny asa fanompoana, ary ny fahafatesan'i Jesosy ? Inona no ambaran'ireto faminaniana ireto momba ny tanjon'ny fahatongavany teto amin'izao tontolo izao ?

**NY ASA FANOMPOANA HO AN'IREO NIANGARAN'NY VINTANA :**

**Manohana ireo fianakaviana sy ankizy marefo amin'ny toe-javatra manokana**

**Ny fototra**

Ireo ankizy manana filàna manokana dia vondron'ankizy mivelatra dia mivelatra sy samihafa. Ny fehezan-teny hoe « filàna manokana » dia mahafaoka ny fahasembanana eo amin'ny fianarana zavatra, fahasembanana eo amin'ny fitenenana, fahasembanana ara-tsaina, fahasembanana ara-pihetseham-po, fahasembanana ara-batana, fahasembanana ara-pihetsehana, ary olana eo amin'ny fihainoana na fahitana. Na dia tsy mitovy aza ny fahasembanana tsirairay avy dia misy hatrany ireo toetra mampitovy azy ireo.

- Fahasembanana eo amin'ny fianarana zavatra. Ireo ankizy manana fahasembanana eo amin'ny fianarana zavatra dia ao anatin'ireo izay lazaina fa marani-tsaina ; raha lazaina amin'ny teny hafa dia tsy sembana ara-tsaina izy ireo. Misedra olana izy ireo eo amin'ny sehatra mifandray amin'ny fianarana, toy ny famakian-teny, fanoratana, na matematika. Ny ankizy manana fahasembanana eo amin'ny fianarana zavatra dia tsy manana olana amin'ny fifehezana ny fihetseham-pony na amin'ny fahitana na amin'ny fihainoana.

- **Ankizy manana fikorontanana ka tsy manana fifantohana sy mitrifana (Attention-deficit hyperactivity disorder.)** Ny ankizy manana io fahasembanana io dia manana olana amin'ny fifantohana amin'ny zavatra iray ary mora sorena. Maneho fihetsika mampiasa vatana be loatra izy ireo, sahirana izy amin'ny fampihenana ny fihetseham-pony ary tsy mandany fotoana betsaka mba hieritreretana izy mialohan'ny hanaovan-javatra.

- **Ankizy manana Fikorontanana amin'ny maha- Autistes**. Ny Ankizy tratran'ity olana sy fikorontanana amin'ny maha-Autistes ity dia maneho soratr'aretina sarotra/mafy hatramin'ny azoazo antsoina hoe Syndrome d'Asperger. Indrisy fa ny ankizy rehetra manana olana fikorontanana amin'ny maha-Autistes dia

maneho tsy fahampiana amin'ny lafiny Telo :  Olana eo amin'ny fifandraisana amin'ny fiarahamonina, fanehoana fitenenana amin'ny amin'ny fiteny na fihetsika, fanehoana fihetsika miverimberina foana. Ny ankizy autiste dia tsy tena maharaka ireo fivoarana ara-dalanan'ny ankizy. Ny sasany aza dia efa maneho fahasamihafana amin'ny rehetra hatrany am-pahaterahana.. Matetika ny olany ara-pifandraisana sy ara-piarahamonina dia mora hita taratra be ny tsy faharahany hitovy amin'ireo zaza mitovy taona aminy. Ny ankizy sasany dia tsy ahatarafana inona amin'ny fivoarany amin'ireo taona voalohany fa rehefa afaka herintaona hatramin'ny telo taona izy dia ahitana taratra ireo fihetsika tsy fahampiana ireo.

- **Ireo Ankizy Tara ara-Tsaina.** Ireo tara ara-tsaina sy ara-phalala dia ankizy izay ahitana fahatarana sy fahalatsahana eo amin'ny fahaizan-javatra sy fanaovan-javatra ambany noho ny antonony. Sahirana izy ireo mianatra sy manao ireo zavatra fototra an-davanandro fanao toy ny fitenenana, fikarakarana tena (fivoahana) ary ireo fifandraisana eo amin'ny tontolony ara-piarahamonina. Ny soratr'aretina dia miseho avy amin'ny sarotra sy azoazo izay mateti-pitranga ka mety mihalalina mihitsy aza. Matetika ireo ankizy sembana ara-tsaina dia ahitana fivoarana ihany eo amin'ireo 5 taona voalohany iainany fa miharihary be ny fahasarotana atrehiny rehefa miditra an-tsekoly izy ireo fa sahirankirana aorian'izay. Afaka mianatra sy miteny ihany izy fa sahirana eo amin'ny fifandraisana aman'olona. Raha ofanina ireo dia mety afaka hanana fahaiza-manao ihany ary afaka miezaka mahakakara tena. Koa ireo zaza tara ara-tsaina dia mananika ny 5% n'ny olona manana fahatarana ka sahirana mandrindra ireo retsik'ozatra sy fahaiza-mifandray amin'ireo taona voalohany iainany. Matetika no tsy mahatratra ireo fivoaram-pitomboana amin'ny famindrana sy fitenenana izy ire. Tena mila fanaraha-maso tsy tapaka sy mitohy ireo zaza sy ankizy ireo.
- Fahasembanana ara-batana. Ny fahasembanana ara-batana matetika hita indrindra dia eo amin'ny fihainoana na ny fahitana, ary ny fahasembanana izay mametraka ilay zaza eo amin'ny seza misy kodiarana.

**Toro hevitra fikarakarana**

- Fantaro fa fomban-javatra sy ara-dalàna ny fahalahelovana noho ny fananana olona manana fahasembanana niangaran'ny vintana toy ireo. 10% n'ny olona eto an-tany dia ahitana soritra fahasembanana. Ny fianakavian'ny zaza izay vao avy nahatarafana fahasembanana dia toa malahelo noho ny tsy fananana zanaka « ara-dalàna ». Rehefa mihalehibe sy mitombo ny zaza dia hitondra fanamby vaovao hatrany ny dingana vaovao tsirairay avy izay lalovana ka mety hiatrika alahelo betsaka ihany izy mandritra ny fotoana rehetra hitaizany ny zanany. Tsarovy fa ny alahelo dia vokatra ara-dalàna avy amin'ny fiovana rehetra na ny fahasahiranan'ny fianakaviana.

- **Ampio ny fianakaviana toy izany :** Ny fianakavian'ireo zaza manana filàna manokana dia mety mahatsapa-tena ho irery. Tohano amin'ny fiantsoana azy an-tarobia izy ireo, amin'ny fandefasana « cartes » ho azy, amin'ny fitsidihana azy

any an-tranony. Omeo toky ny ray aman-dreny sy ny zanaka fa miahy azy ireo ny fiangonana. Aoka ianao ho mpiara-miasa tsy miovaova sy azo antoka – mila fantatry ny ray aman-dreny fa hanohana azy ireo ny fiangonana anio sy amin'ny ho avy**.**

- **Minoa fa zava-dehibe manana ny lanjany sy tombambidy ny ankizy rehetra**. Ampahatsiahivo matetika amin'ny alalan'ny teninao sy izay ataonao fa sarobidy sy manana ny tombambidiny ny ankizy rehetra. Katsaho ireo toetra mampiavaka ny ankizy ary mifantoha amin'izay zavatra takiany amin'ny fianakaviany na amin'ny asa fanompoana izay ataonao.

**Inona no tsy tokony holazaina ?**

- **« Moa ve ara-dalàna ireo zanakao hafa ? »** Ny fananana zanaka manana filàna manokana (fahasembanana) dia misy fiantraikany tokoa amin'ny mambra tsirairay avy ao anatin'ny fianakaviana, matetika no voasaraka toe-javatra izy ireo amin'ny fotoana izay tena ilan'izy ireo mifanampy indrindra. Ataovy azo antoka tsara fa natao hanamafisana ny fianakaviana iray manontolo ny fanehoan-kevitra avy aminao fa tsy vao mainka hampisy elanelana amin'izy ireo.

- **« Mampalahelo ahy ianao ».** Ny zaza manana filàna manokana dia manana zavatra maro hatolotra ny fianakaviany, ny fiangonany, ary ny mpiara-monina aminy. Misafidiana teny mampahery mba hanampy ireo ray aman-dreny hahita ny tanjak'ireo zanany.

**Inona ary no holazaina ?**

- **« Fantaro fa tsy irery ianao amin'izao toe-javatra izao »**. Mahatsiaro tena ho irery ny ray aman-dreny rehefa manabe zaza manana filàna manokana. Ampahatsiahivo azy ireo miandalana fa ny fiangonana no dingana tsara voalohany hanohana azy ireo.

- **« Mivavaka ho anareo aho »**. Ny fahafantarana fa ny misy olona hafa mangataka amin'Andriamanitra ho azy ireo, ary mangataka an'Andriamanitra mba hitarika azy ireo dia mety ho fanampiana lehibe ho an'ny fianakaviana sahirana toy izany**.**

- **« Ahoana no ahafahako manampy anao ? »** Miseho amin'ny endrika maro ny fanampiana. Mety ho fiaraha-misakafo aorian'ny andro fitsapana tena nandreraka. Mety ho fanasana azy ireo ho amin'ny fitsangatsanganana manokana. Mety ho fandraisana an-tsoratra amin'ny fitsidihana any amin'ny dokotera, na fanaovana fikarohana. Ny fomba tsotra indrindra ahafahana mahita hoe ahoana no ahafahana manampy dia ny manontany.

- **« Matoky aho fa manana plana manokana ho anao Andriamanitra »**. Ny fanamafisana fa Andriamanitra dia mifehy ny zava-drehetra dia mety ho fomba fanohanana ny fianakaviana mila fanampiana manokana toy izany.

**FAMARITANA NY ZAZA KAMBOTY SY ANKIZY MAREFO**

Ny famaritana ny zaza kamboty sy ankizy marefo dia tsy manaraka ny famaritana faobe ary miovaova manerana ireo firenena ao atsimon'i Sahara eto Afrika. Ireto famaritana momba ny zaza, ny kamboty ary ny marefo ireto no noraisina :

**Ny zaza**

Araka ny famaritan'ny Fifanarahan'ny firenena mikambana momba ny zon'ny Ankizy dia « izay olombelona latsaky ny 18 taona manana ny lalana mifehy sy mikasika ny zaza indrindra amin'ny ankamaroany ireo madinika kokoa. »

**Ny kamboty**

Ny famaritana ofisialy ny atao hoe kamboty dia zaza vao teraka hatramin'ny 17 taona izay maty ny rainy, na ny reniny, na izy roa miaraka. Misy kosa anefa ireo ankizy izay antsoina hoe kamboty ara-tsosialy izay mety mbola velona ihany ny iray amin'ireo ray aman-dreny na ireo ray aman-dreniny, saingy tsy nahavita ny adidy amin'ny ray aman-dreny azy noho ny aretina, na ny fahantrana lalina, na ny antony hafa.

**Marefo**

Ny ankizy marefo dia faritana ho ireo latsaky ny 18 taona izay miaina ao anaty risikan'ny tsy fisiana mpiahy sy mpiaro.

Araka izany, ny ankizy rehetra dia marefo ara-boajanahary raha ampitahaina amin'ny lehibe fa ny sasany dia tena lalina loatra ny faharefoany. Ny faharefoana dia miverimberina hatrany araka ny isetrany sy idonany amin'ireo toe-javatra feno tataon-doza ary iharana risika vaovao vaovao hatrany izy eo amin'ny fiainany. Raha lazaina amin'ny teny hafa ny fandalovan'ny zaza fahavoazana/faharefoana dia arakaraka ny idonany zava-doza sy mafy hatrany eo amin'izy ireo." (World Bank OVC Toolkit)

**Ireo toetoetry ny ankizy voafaritra ho marefo :**

- kamboty noho ny fahafatesan'ny iray amin'ireo ray aman-dreny na ireo ray aman-dreny ;
- nilaozan'ireo ray aman-dreny ;
- miaina ao anaty fahantrana lalina ;
- miaina miaraka amin'ny fahasembanana ;
- iharan'ny ady mitam-piadiana ;
- araraotin'ireo ray aman-dreny na ireo mpitaiza azy ;
- tsy ampy sakafo noho ny fahantrana lalina
- mitondra ny tsimokaretina VIH

- ary farany ireo olona ihatahan'ny fiaraha-monina, ireo voailikilika, eny tratry ny fanavakavahana mihitsy aza.

**Ny ankizy marefo rehetra dia manana zavatra iray ikambanana :** tsy misy tambajotra fiarovana ara-tsosialy azo itokisana mba hahafahan'izy ireo mitantana tsara ny loza sy tandindon-doza atrehany isan'andro.

- **Ny zaza kamboty sy ny ankizy marefo** dia nesorina tamin'ny mpiaro azy voalohany, dia ireo ray amn-dreniny. Ireto no antony, maharitra na tsy maharitra, mahatonga izany :
    - Tsy manana fianakaviana na mpiahy izy ireo (kamboty).
    - Tsy mifandray amin'ny fianakaviany akaiky intsony izy ireo. Toy izany ny zava-misy eo amin'ireo ankizy eny an-dalambe, ireo ankizy nafindra toerana nefa tsy misy mpanaraka, na ireo ankizy mpitsoa-ponenana.
    - Nisaraka tamin'ny ray aman-dreniny izy ireo. Io no tranga misy rehefa ampidirina am-ponja izy ireo na rehefa alaina an-keriny ny ankizy.
    -
- **Manome tsiny ny hafa ny amin'ny andraikiny ny fianakaviany akaiky.** Ohatra ny amin'ny zaza sembana na zanaky ny fianakaviana mahantra izay apetraka amin'ny toerana manokana.
    - Omena fitsaboana maharitra any amin'ny hopitaly, ohatra, noho ny antony ara-pahasalamana, toy ny fitiliana ny tsimokaretina VIH.
    - Aorian'ny fanapahan-kevitry ny fanjakana na ny fitsarana, dia napetraka any amin'ny ivon-toerana fanabeazana, na ivontoerana mialohan'ny fitsarana, na toeram-pianarana fanabeazana, na fametrahana am-ponja izy ireo. Anisan'ny tranga misy amin'izany ohatra ireo meloka, na voaheloka na ireo ankizy mitady fialofana.

**Mety miovaova be ny antony** fa matetika ny fisarahana amin'ny ray aman-dreny sy ny fianakaviana dia manimba ny fahasalamana sy ny fitomboan'ny zaza. Ankoatr'izany, ny fametrahana ny ankizy amin'ny toerana manokana dia tsy vahaolana tsara indrindra ho an'ny ankizy manirery. Ny ankizy tsy mandray soa amin'ny torohevitra sy fiarovana avy amin'ny fianakaviany akaiky matetika no marefo ary mety iharan'ny herisetra, fanararaotana, fanavakavahana, na endrim-panararaotana hafa. Ao anatin'ny ady, ny fisarahana tsy fidiny amin'ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina, ary ny tsy fahafahan'izy ireo miantehitra amin'ny mpiaro azy intsony, satria tsy maintsy miala ny fireneny ilay zaza indraindray, dia mampitombo ny loza mety hitranga toy ny herisetra, fanararaotana ara-batana, fanararaotana, eny hatramin'ny fahafatesana mihitsy aza. Miady amin'ny tsy fahampian-tsakafo, ny aretina, ny ratra ara-batana sy ara-tsaina ary ny olana momba ny fampivelarana ny ara-tsaina sy ny ara-pihetseham-po ny ankizy. Ireo ankizivavy tsy misy mpanaraka dia mety hitrangan'ny herisetra ara-nofo. Etsy andanin'izany, ireo ankizilahy tsy misy mpanaraka kosa dia atahorana handray anjara, araka ny sitrapony na noterena, amin'ny herisetra sy ny ady mitam-piadiana.

Any Eoropa afovoany sy atsinanana fotsiny, ankizy manodidina ny 1,5 tapitrisa no miankina amin'ny fanjakana.

- Any Rosia, ny isan'ny « zaza manirery » ao anatin'ny taona, dia nitombo avo roa heny tao anatin'ny 10 taona lasa, na dia eo aza ny fihenan'ny zaza teraka.
- Ny ady dia niteraka zaza kamboty na zaza tafasaraka tamin'ny fianakaviany 1 tapitrisa tamin'ny taona 90.
- Tombanana ho eo anelanelan'ny 2 sy 5 isan-jaton'ny mpitsoa-ponenana dia ankizy tsy misy mpanaraka avokoa.
- Tamin'ny taona 2010 dia tombanana ho ankizy 106 tapitrisa eo ho eo, latsaky ny 15 taona, no tsy manana ray na reny na izy roa miaraka intsony. Anisan'izany ireo ankizy kamboty noho ny SIDA izay mihoatra ny 25 tapitrisa. Any amin'ny firenena 12 any Afrika, ny ankizy kamboty dia maneho ny 15%-n'ny ankizy latsaky ny 15 taona tamin'ny 2010.

FAMARANANA , FAMPIHARANA SY ANTSO

**Matio 5 : 48. Koa aoka ho tanteraka ianareo tahaka ny Rainareo izay any an-danitra (tanteraka = tsy miangatra)**

- Salamo 146. Andriamanitry ny famindrampo.
- Ny Salamo 146 : 6-9 dia mamporisika antsika hidera Ilay Mpamorona antsika sy hatoky Azy satria… mitandrina fahamarinana mandrakizay Izy ; manome rariny ho an'ny ampahoriana Izy ; manome hanina ho an'ny noana Izy. Manandratra ny mpandefitra Izy, tia ny marina, miaro ny vahiny. Ny fomba tsara indrindra ahafahantsika manompo an'Andriamanitra dia ny fanahafantsika Azy amin'ny tsara indrindra azontsika atao. Jakoba 1 : 27 : « Izao no fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan' Andriamanitra Ray : ny mamangy ny kamboty sy ny mpitondratena amin' ny fahoriany, sy ny miaro ny tena tsy hisy pentimpentina avy amin' izao tontolo izao ». Malakia 3 : 5 : « Ary hanatona anareo ho fitsarana Aho ka ho vavolombelona faingana hanameloka ny mpanana ody sy ny mpijangajanga sy ny mpianian-tsy to sy ny mpampahory ny mpikarama amin' ny karamany mbamin' ny mpitondratena sy ny kamboty ary izay mampahory ny vahiny; fa tsy matahotra Ahy izy, hoy Jehovah, Tompon' ny maro ».

Ezekiela 22 : 7 : «Ao TSY aminao no anozonana ray aman-dreny; ary TSY ao aminao no anaovana izay sarotra amin' ny vahiny; ary TSY ao aminao no ampahoriana ny kamboty sy ny mpitondratena »

Zakaria 7 : 10 : « ary aza mampahory ny mpitondratena na ny kamboty, na ny vahiny, na ny mahantra; ary aza misy mihevitra ao am-ponareo hanisy ratsy ny rahalahinareo hianareo ».

Jeremia 22 : 3 : « Izao no lazain' i Jehovah : Manaova fitsarana sy fahamarinana hianareo, ka afaho amin' ny tanan'ny mpampahory ny olona voaroba ; ary aza mampahory na mampidi-doza amin' ny vahiny sy ny kamboty ary ny mpitondratena, ary aza mandatsaka rà marina amin' ity fitoerana ity ».

Isaia 1 : 17 : « Mianara hanao ny tsara, diniho izay rariny, anaro ny mpampahory, omeo rariny ny kamboty, tsarao ny adin' ny mpitondratena ».

Ohabolana 31 : 8 : « Sokafy ny vavanao hisolo ny moana, hahazoan' ny kamboty ny rariny ».

Salamo 68 : 5 : « Rain'ny kamboty sy mpanome rariny ny mpitondratena Andriamanitra, ao amin' ny fonenany masina ».

Salamo 82 : 3 : « Alaharo ny tenin' ny mahantra sy ny kamboty ; omeo rariny ny ory sy ny malahelo ».

Joba 29 : 12 : « Satria namonjy ny ory izay nitaraina aho sy ny kamboty izay tsy nanan-kamonjy ».

Isaia 1 : 16, 17 : « Misasà hianareo, diovy ny tenanareo, esory tsy ho eo anoloan' ny masoko ny ratsy fanaonareo ; mitsahara, fa aza manao ratsy ; mianara hanao ny tsara, diniho izay rariny, anaro ny mpampahory, omeo rariny ny kamboty, tsarao ny adin' ny mpitondratena ».